# VOLY KATSAKA NOHATSARAINA

**TSIVINIRANA Jacques – Chercheur FOFIFA**
**RAMAHEFARISON Solomon – Chercheur FOFIFA**

## FEPETRA ANKAPOBENY

Ny katsaka dia voly somary sarotony amin'ny fambolena azy mba ahazoana vokatra maro. Ireto avy ireo fepetra fototra ilaina raha tiana ny azahoana vokatra ambony :

1- Fampiasana ny karazan-katsaka tsara sy ambezo voafantina na nohatsaraina
2- Fifidianana tany tsara hovolena sy velarana ampy
3- Fampiasana teknika manara-penitra (manomboka amin'ny fiasana ny tany sy ny famafazana ka hatramin'ny fiotazana)
4- Fanajana ny fotoam-pambolena.
5- Fampiasana fitaovana nifanaraka amin'ny teknika manara-penitra sady hahavitana velarana betsaka

## NY TANY AMBOLENA

TSARA : Ny voly katsaka dia mitaky tany lonaka tsara, lali-nofotra tsara ahitana an'ireo tsiron'ny tany rehetra ilain'ny voly. Ny tany safidina hovolena dia tany azo voraborahina tsara ka hahazoan'ny rivotra miditra ary mora mitsika ny rano aminy. Ny tany hovolena dia tsy tokony hisy sosona mafy ka tsy hahafahan'ny fakan-katsaka hitombo, na koa sosona fasika be ka sady mora maina no handoro ny fakany amin'ny fotoana mafana.
Ireto avy ireo karazan-tany azo tanisaina amin'izany : **tany baiboho** (nofon-tany, vorinjia, ...), **tany lonaka mainty** an-tanety na amin'ny vodi-tanety.

TSY METY : Ny tany manana toetra manaraka ireto dia ialana fa tsy mety amin'ny voly katsaka : tany be tanimanga madity, tany miandron-drano; tany be fasika loatra ka mora maina sy mandoro (oh: tany pako, tany ditra, fasika, ...)

NY AMBEO :

Ireto misy karazan-katsara nohatsaraina navoakan'ny Foibe fikarohana (oh: FOFIFA) : **IRAT-200, VOLASOA, MEVA, POOL 18, BAKOLY ...**Ireo karazan-katsaka ireo dia mamokatra be raha oharina amin'ny katsaka gasy.

Raha tiana ny hahazo vokatra maro sady tsara hatrany dia tokony hampiasa ambeo (masomboly, ambezo) voafantina sy nohatsaraina novokarin'ny toerana manokana misahana ny famokarana masomboly.
Ny ambezo voafantina amin'ireny mpivarotra voatokana ireny dia efa voaaro amin'ny fitehirizana azy.
Ny mpamboly matianina dia tokony **hanolo ny ambezo** fara-faharatsiny isaky ny telo taona (**03 taona**).

Raha toa ka **hifantina ambeo** avy amin'ny fambolena eo an-toerana kosa isika dia:

- Fidina ny masomboly salama, avy amin'ny fotony salama, vaventy tsara.
- Amin'ny fangalana masomboly dia ny voa eo anivon'ny taolan-katsaka no alaina (esorina ny tendrony roa), diovina tsara avy eo. Alana ireo voa madinika sy potika ary iero fakofako isan-karazany,
- Na tsara aza ny ambezo ampiasaintsika dia tsy maintsy arovana amin'ny fahavalo isan-karazany, na amin'ny fitahirizana azy izany na amin'ny fambolena.

Mba hiarovana ny ambeo mandritra ny fitahirizana azy dia mampiasa fanafody voatokana amin'izany (oh : K-othrine jaune, …)

Mba hiarovana amin'ny sarika an-tany (insecte terricole) sy ireo aretina maro avy amin'ny tany dia mampiasa fanafody simika (oh : Lentialm super…)

## NY TEKNIKA FAMBOLENA

### NY FIASANA NY TANY

Ny Famadihana tany (baiboho)

Alohan'ny iasana ny tany dia ilaina izy mba hadio aloha mba tsy hanahirana amin'ny fitaovam-piasana. Tapahana ny akata dia avela ho maina tsara.
Arahina maso tsara ny hamandoan'ny tany (baiboho), ka antonony tsara izy raha toa ka mando tsara sady koa mora miparasaka, tsy madity na mivoaka rano raha fiazana amin'ny tanana.

Rehefa antonony tsara ny hamandoana dia atao ny fanadiovana, ka ailika ny akata maina amin'ny alalan'ny hersa/ragiragy.

Raha vantany vao voadio ny tany dia avadika amin'ny angadinomby (la charrue), ka atao mahatratra 20 na 25 sm ny halaly. Ho an'ny baiboho nofontany dia tsara raha mahatratra 30 sm ny halalin'ny vadi-bainga.

Ny Famotehana bainga

Raha vao vita ny famadihana ny tany dia miroso avy hatrany amin'ny famotehana ny tany, ka fara-faha tarany dia 12 ora aty aoriana, arakaraka ny hamandoan'ny tany. Ampandalovina in-droa ny ragiragy mba ho potika tsara ny bainga rehetra, mba hanamora ny fampiasana fitaovam-pamafazana na "semoir" ary hampitsiry tsara sy malaky ny voly.

Ireo Fitaovana ilaina


Ny angadinomby : Misy karazany maro ireo angadinomby fampiasa amin'ny famadihana ny tany, ka izay azo anaovana "réglage" tsara no ampiasaina. Ireto misy "réglage" tsy maintsy hay :
- Ny halalin'ny asa dia azo amin'ny alalan'ny fanovaovana ny haavon'ny fipetahan'ny kodiarany.
- Ny haben'ny vava asa dia azo avy amin'ny fanakisahana marin-drano ny fatotry ny silisily eo amin'ny lohan'ny angadinomby.
- Ny fitsatoka na fiaingan'ny lohan'angady dia azo amin'ny halavan'ny silisily.

Ny ragiragy : ny ragiragy misy nifiny no be mpampiasa, fa ny ragiragy misy kapila mihodina no ahavitana tsara ny asa fanapotehana bainga.

Azo ovaovana amin'ny alalan'ny famatorana ny silisily eo anoloan'ny ragiragy ny fiasan'ny kapila mihodina sy ny nifiny ao aoriana

## NY FAMAFAZANA/FANDRARAHANA

Afafy avy hatrany ny ambeo/ambezo raha vao vita ny famotehana ny tany. Ka alatsaka (tsiroaroa na tsitelotelo) ny voa isaky ny 40 na 60 sm manaraka tsipika mahitsy (lignes) mielanelana 70 na 80 sm avy.
Ny halalin'ny famafazana embeo dia eo amin'ny 05 sm eo ho eo.




Ny ambeo voafantina no ampiasaina, ka asiana fanafody sarikantany alohan'ny famafazana.
Mba hampitombo kokoa ny vokatra dia azo atao ny mitondra zezika NPK amin'ny fotoam-pamafazana (100 hatramin'ny 300 kg/ha arakaraka ny fahalonahan'ny tany)

<u>Ireo Fitaovana ilaina</u>
Ny fitaovam-pamafazana "semoir" laharana tokana tarihin'omby no mora ampiasain'ny tantsaha. (oh : Semoir Ebra amélioré, Semoir SuperEco adapté na Semoir Ependeur d'Engrais adapté )
Ny hamaron'ny voa mirotsaka sy mifanaraka amin'ny karazam-boly (katsaka) dia azo amboarina amin'ny alalan'ny fanoloana ny kapika apetaka ao anatin'ny « semoir ».
Ny halalin'ny famafazana dia azo ovana amin'ny alalan'ny fanovana ny famatorana ny silisily eo anoloan'ny « semoir Ependeur d'Engrais adapté », fa ny an'ny Ebra sy SuperEco kosa dia ovaovana amin'ny fampidinana ny angady mpandevim-boa « Soc semeur »

## NY FIKOJAKOJANA NY VOLY

- Raha afaka herinandro eo ho eo aorian'ny nitsirian'ny voly, dia atao ny fanazanana (démariage). Ongotana ny katsaka matevina, ka avela ho 40 sm ny elanelan'ny fototra manaraka ny tsipika mahitsy, ka iray na roa isam-pototra no avela. Raha mampiasa zezika dia azo atao matevitevina ny voly 30 sm ny elanelan'ny fototra.
- Miava sy manototra foto-boly raha afaka 15 sy 45 andro nitsirian'ny voly.
- Mitondra zezika Urée (zezika siramamy 50 Kg isaka hekitara) isakiny manototra foto-boly. Tokony halevina eo amin'ny 10 sm miala amin'ny foto-boly ny zezika.

- Mba hiarovana amin'ny biby mpanimba (valala, fanday/sabahaka…) dia rarahana fanafody eo amin'ny faha-22 sy faha-60 andro na arakaraka ny fisian'ny biby.

**NY FIOTAZANA NY VOKATRA SY FITAHIRIZANA**

Rehefa matoy tsara ny tsakotsako/katsaka, izany hoe maina daholo ny tahony sy ny babiny, andrasana ho maina tsara koa ny voa. Ajanona eo amin'ny 02 hatramin'ny 04 herinandro eo aorian'ny fahatoizany vao otazana. Efa miondrika ny babiny ary tsy voakikin'ny angofo ny voany amin'izany.
Rehefa nalaina teny am-potony ny katsaka dia voasana ny hoditry ny babiny, ary atapy ho maina tsara mba tsy hanimba ny vokatra eo ampitahirizana azy.

**Fitahirizana** :

- Azo ahantona miaraka amin'ny babiny amin'ny toerana voaaro amin'ny bibikely sy ny voalavo.
- Azo atao anaty gony madio tsara ary alahatra ambony hazo tsy mitahiry bibikely ao amin'ny trano misy rivotra afaka mivezivezy.